Mijaly ny vahoaka hoy ny TIM Sainte Marie 3

## Miantso an-dRavalo hirotsaka hofidiana Filoha indray

Fitondrana Rajoelina 6

## Ny salobokomana sy ny kolikoly no tambaviny


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 26 aprily 2022 Laharana 1290 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Filoha Ravalomanana 3

## Namafa trosa fa tsy nampidi-trosa

**Filoha Ravalomanana** 2

# Niarahaba ny Filoha Macron voafidy indray ho Filoha Frantsay






**Hetsika tany Fianarantsoa** 2


# Voaporofo fa miaina sy matanjaka ny antoko TIM



**Mitohy ny antsojain'ny fitondrana** 3

# Voaantso eny amin'ny cybercriminalité anio i Lily sy Clemence





**Hetsika teny Imerinkasinina** 2

# Iray tsy mivaky ny COMTIM Andoharanofotsy



**Ifanadiana- Ambohimanga du Sud** 6

## Ratsy ny lalana, nisy voatery nentina tamin'ny moto ny razana

**Varotra sy fanjifana** 6

## Misy «promotion cadeau» ao amin'ny Tranombarotra Baolai

**Daka kely**



**Ny dikan'izany pilôty zany leity ry Boaikely dia mitana ny gisitra fa tsy mpitondra rôplanina akory a!**

HETSIKA TANY FIANARANTSOA

# Voaporofo fa miaina sy matanjaka ny antoko TIM

Nandritra ny hetsiky ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tany Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony ny sabotsy tolakandro teo dia voaporofo indray fa antoko miaina sy matanjaka ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity. Famelomaso ny antoko TIM no natao tany amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony nandritra izany. Tonga tany an-toerana nanatanteraka izany ny birao politika nasionaly notarihan'ny sekretera jeneralin'ny antoko, Rina Randriamasinoro, sy ireo solombavambahoaka avy amin'ny antoko TIM. Nandritra izao famelomaso ny antoko tany Fianarantsoa izao dia nisy ny fampitana hafatra ho an'ireo mpikatroka TIM, mba ho iray ny zavatra atao any amin'ny toerana samihafa misy azy ireo avy. Tokana ny tanjona hoy ny sekretera jeneralin'ny TIM, Rina Randriamasinoro dia ny hametrahana ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray. Mialoha izany hoy izy dia maro ny dingana hatrehantsika manomboka izao amin'ny maha antoko politika miaina sy matanjaka antsika.

**RMDM**

Fa ny sabotsy maraina tany Fianarantsoa ihany, nisy ihany koa ny fihaonamben'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM), nitarika ny fotoana tamin'izany ny filoha lefitry ny RMDM any Fianarantsoa Tabera Randriamanantsoa, sy ny mpandrindra nasiônaly Jean Claude Rakotonirina. Nandritra izany no namotsipotsiran'izy ireo ny tsy fa-



*Ny fameloma-maso ny antoko TIM tany Fianarantsoa ny sabotsy teo.*

hombiazan'izao fitondrana Rajoelina izao, ka nanamafisany ireo fehin-kevitra tapaka teny amin'ny By-pass dia ny tokony hametrahan'izao fitondrana izao fialana, fa efa tsy tafavoakany intsony ny raharaham-pirenena, izay tsy mitsahatra ny mikororosy fahana. Nohamafisina koa ny tokony hanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena ho an'ny rehetra, fa tsy an'ny mpanohitra ihany izy io, mba hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra ao aorian'izany, amin'ny fifidianana ho avy eo.

***Isambilo***

Hetsika teny Imerinkasinina

# Iray tsy mivaky ny COMTIM Andoharanofotsy

Nanao hetsika fitsangatsanganana teny Imerinkasinina Antananarivo Avaradrano ny sabotsy teo, ny COMTIM Andoharanofotsy Antananarivo Atsimondrano. Na nisy ny sakantsakana samy hafa dia tonga maro ireo mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ity kaominina ity, niatrika izany hetsika fitsangatsanganana sy fialam-boly izany, ny fitaterana ihany teo maimaimpoana, satria nisy malala-tanana niantoka. Nambaran'ny anisan'ny mpikarakara Andriamatoa Desiré, fantatry ny maro teny amin'ny Magro Behoririka tamin' ny anarana hoe: Hidio, voaporofo tamin'izao hetsika izao, fa iray tsy mivaky ny COMTIM Andoharanofotsy. Vonona ihany koa izy ireo hanetsika ny fototra hatrany, ho famerenana indray ny filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondrana. Tsy ho an'iza tsy ho an'iza ny COMTIM Andoharanofotsy hoy izy, fa ho an'ny filoha Marc Ravalomanana ny antom-pisiany voalohany.



*Ireo mpikatroka avy amin'ny COMTIM Andoharanofotsy teny Imerinkasinina Avaradrano.*

***Ny Valosoa***

Hetsiky ny depiote 73 tamin'ny 2018

# Tsy nahitam-bokany ny fitakiana hoy Rivo Rakotovao

Nahitsy ny mpandrindra nasionalin'ny antoko HVM, Rivo Rakotovao fa tsy mbola hita hatreto ny valin'ny fitakian'ireo solombavambahoaka 73 tamin'ny fotoan'androny, tamin'ny volana aprily 2018 teny Analakely. Hetsika fitakiana ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, ny fidangan'ny vidim-piainana ary ny resaka delestazy. Mbola misy depiote ao anaty fitondrana ankehitriny, fa tsy sahy mitaky ireo hoy hatrany i Rivo Rakotovao. Notsindriany ireo tetidratsy tamin'ny nanonganana ny filoham-pirenena tamin'izany fotoana, sy ny fanaratsiana fahatany izay nitondrana vatapaty mihitsy teny Analakely. Nangina ny Hvm hoy Rivo Rakotovao tamin'izany satria tsy te-hiady sy tsy te hampitera-doza eto amin'ny firenena. Ankehitriny anefa tsy misy mangirana ny fitantanana ny firenena ary manao valala an-karona ny samy ao anaty fitondrana. Mbola nanamafy izany koa ny filohan'ny Rds, Fetison Rakoto Andrianirina, fa tsy misy mangirana hatreto ny fampanantenana poak'aty nataon'izao fitondrana Rajoelina izao ary tsy mamaly ny hetahetan'ny vahoaka malagasy akory . Mbola nasiany resaka aza ny filazana fa tsy mila mpamatsy vola avy any ivelany Rajoelina nefa toa mbola mangataka fanampiana ihany fa tsy tafavoaka. Mila averina hatrany amin'ny Ìàlam-pifidianana mihitsy aloha hoy izy dia miroso amin'ny fifidianana madio sy mangarahara ary manatanteraka izay lazaina, fa tsy atao kobaka ambava fotsiny toy izao ataon'ny filoha ankehitriny izao ny raharaham-pirenena.



*Rivo Rakotovao, mpitarika ny antoko HVM amin'izao fotoana.*

***Rajo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Raharaham-pirenena

### Mbola mila ampahafantarina zava-misy bebe kokoa ny vahoaka

Mahavariana ireto mpanao politika manohana na miara-dia amin'ny filohan'ny Repoblika ireto. Misy tokony hanao fifonanana amin'ny olona nataony tsinontsinona kanefa manana ny maha izy azy eto amin'ny firenena ary nahavita be lavitra noho izy, nefa mbola tsy nahavita izany hatreto. Tato ho ato anefa mahita holazaina indray kanefa tsy mitombona. Dia tsapa fa izay lazainy dia zary mihevaheva hatrany, ary mahasorena ny vahoaka izay misy ny distrika iandreketany.
Tato ho ato koa dia niseholany ny ampamoaka amin-javatra tiana na tokony ho fantatry ny vahoaka momba ny fitantanam-pirenena kanefa nafenimpenina fatratra tato anatin'ny taona amro, indrindra tato anatin'izao fitondrana izao. Mazava loatra fa tsy nipoitra izany toe-javatra izany, raha tsy niseho tamin'ny fahitalavitra nofidiany nanaovany valandresaka tamin'ny mpanao gazety ny olona mpiaramiasa akaiky amin'izao fitondrana izao na ny filohan'ny Repoblika. Miha mazava amin'ny olom-pirenena mpanara-baovao ny fandehan'ny raharaha eto amin'ity firenena ity ao anatin'izao fitondrana izao raha nandre ireny resaka samihafa tamin'ny haino aman-jery ireny, ary tena ilainy izany. Inona indray no mbola afenimpenina sisa? Mbola misy izany, satria, tsy misy ny mangarahara amin'ny fitantanana eto amin'ny firenena tato anatin'ny telo taona mahery izao. Tsy fantatra izay tohiny amin'ireo raharaha maro samihafa, toy ny raharaha volamena ao Afrika atsimo, ny tao amin'ny Nosy Kaomôro, sns; ny raharaha "doublon", ny "écran plat", ny "bonbons sucettes", ny fanadihadiana momba ireo mpianatra maty tany amin'ireo Onivesité tany amin'ny faritany, ny momba ny raharaha teo anivon'ny ministeran'ny fahasalamana izay nanaovan'ilay "lanceur d'alerte" fitoriana eny amin'ny PAC sy Bianco, sns.
Mametraka sary sy lasitra ao an-tsain'ny olom-pirenena izany toe-javatra samihafa izany ary mamaritra ny fomba fiheverany amin'ity fitondrana ankehitriny ity. Miharihary, fa tsy sary tsara izany noho ireo zavatra noresahina tamin'ny haino aman-jery. Ny voaresaka dia naneho, fa resabe fotsiny ny fijerena ny tombontsoa ambonin'ny firenena, fa misy olombitsy, teratany malagasy, manao ampihimamba amin'ny sehatra maro samihafa amin'ny fiharian-karena eto. Nampiaiky volana ny olom-pirenena ny nandre izany ampamoaka izany, ary nisy fiantraikany amin'ny fomba fisainany. Misy famitahana bevava atao amin'ny sarambabem-bahoaka eo amin'ny fitantanam-pirenena ataon'izao fitondrana izao. Raha bangoina, maizina ny hoavy ho an'ny firenena sy ny sarambabem-bahoaka, fa ireo olombitsy ireo no migalabona amin'ny harena sy miezaka hatrany mangoron-karena eto. Tsy rariny sy tsy hitsiny izany. Mbola vao ampahany amin'ny tokony ho fantatry ny vahoaka ihany anefa ny zava-misy nambara ireny. Efa mba tsy tompon-trano mihono amin'ny ampahany izany ny vahoaka.

***Sôh'son***

Filoha Ravalomanana

# Niarahaba ny Filoha Macron voafidy indray ho Filoha Frantsay

Nandefa taratasy fiarahabana ny Filoha Frantsay Emmanuel Macron, amin'ny naha-voafidy azy indray, ho filohan'i Frantsa mandritra ny 5 taona manaraka omaly, ny Filoha Marc Ravalomanana, Filohan'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM), sady Filoha Nasiônalin'ny antoko TIM. Toy izao ny dika malalak'izany fiarahabana izany: "midera sy miarahaba anao aho amin'izao naha-voafidy anao izao indray hitondra ny Repoblika Frantsay. Mirary fahombiazana ho anao aho Andriamatoa Filoha amin'ny asa izay hatrehanao indray. Noho ny fitarihana hendry sy matotra ataonao, mino aho fa hitohy hiroborobo ny fiaraha-miasan'i Frantsa sy i Madagasikara ary vonona aho ny hanohana anao amin'izany. Raiso Andriamatoa Filoha ny haja ambony atolotro anao".

***Niaina***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Vahoaka Malagasy

# Miha-reraka, miha-reraka nefa mitombo hatrany ny trosa babeny

Miha-reraka, miha-reraka ny vahoaka malagasy kanefa dia mitombo tsy mitsahatra ihany koa ny trosa babeny ary efa tsy ho zakany intsony koa ny fidangan'ny vidim-piainana. Na izany na tsy izany dia nirohotra nijery lanonana sy nifety ny ankamaroan'ny gasy. Nanadino ny olana rehetra misy eo amin'ny fiainana ary na niakatra tsy nisy toy izany aza ny saran-dàlana nankany Antsirabe dia toa tsy nanadino ny fanao nahazatra ny mpandeha any, satria roa taona izay tsy afaka nanao izany. Ny andro talata taorian'ny Paska anefa dia efa nitambesatra tao antsain'ny ankamaroan'ny Malagasy sahady ny vesatry ny fiainana. Nangina ihany koa ny resaka politika nandritra ny faran'ny herinandron'ny Paska, kanefa toa tsy andrin'ny politisiana ny nifaranan'ny fetin'ny Paska, fa vao nitsidika ny andro talata dia efa nandeha ny serasera avy amin'ny mpitondra sy ny tsy ao anatin'ny fitondrana. Nankalazaina ny nahazoan'i Madagasikara ny vola be mananika ny iray miliara dolara avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Tahirimbola Iraisam-pirenena. Nalaza ihany koa ny nanaovan'ny filohan'ny Repobikan'i Madagasiakara ny andro Paska tany akaikin'ny Soisa tany. Nihevitra, angamba, ny mpitondra fa hampiakatra ny moralin'ny gasy ny volabe azo kanefa dia efa notsinjarain'ny mpanome ny vola any amin'ny Faritra mila izany ny vola. Misy koa ireo notokana hanamboaran-dàlana toa manaporofo fa tsy matoky izao fitondrana izao intsony ny mpamatsy vola mahazatra noho ny vava tsy ambina nataon'ny filohan'ny Repoblika, sy noho ny fitantanana tsy nandeha any amin'ny tokony ho izy momba ny ady tamin'ny covid-19, ka nitakian'ny Banky Iraisam-pirenena ny fanadihadiana ny fitantanana. Tsy fantatra mazava moa raha hanendry ireo Sampan-draharaha ao amin'ny Firenena Mikambana ny mpamatsy vola eo amin'ny fitantanana sy fitsinjarana ny vola nomeny ary hanolotra orinasa amin'ny fanatanterahana ny asa amin'ny fanamboaran-dàlana. Nankalazaina ihany koa fa nentina tany amin'ny mpamatsy vola tany Washington ny PEM kanefa dia tsy nasian'ny tany resaka ny momba izany, satria azo inoana fa akoho tsy naneno toy izay efa lanin'ny kary. Ny velirano nataon'ny filohan'ny Repoblika aza tsy vita ny betsaka, ka fantatry ny any ivelany fa tsy ilaina ny mamatsy vola ity "vina" nofinofy fotsiny ity. Ny teto an-toerana kosa dia nampiaka-peo ny Sendikan'ny Mpampianatra Mpikaroka sy Mpikaroka Mampianatra eny amin'ny Anjerimanontolo, ka nanambara fa ho "Oniversite Maty" ny eto Antananarivo nanomboka omaly alatsinainy. Nitaky ihany koa fihaonana amin'ny filohan'ny Repoblika nialohan'ny omaly, ka raha tanteraka izany dia hiverina ny asa rehetra manomboka anio. Tsy mbola teto an-toerana anefa ny filohan'ny Repoblika fa vao tonga, ka azo inoana fa hitohy izany ny "Oniversite Maty". Tamin'ny faramparan'ny herinandro lasa iny dia niakatra tao amin'ny haino aman-jery ny politisiana ka anisan'izany ny governoran'Analamanga sady sekretera nasionalin'ny antoko TGV ary nifanandrina taminy tao ny Filohan'ny Antenimierandoholona teo aloha sady Mpandrindra ny antoko HVM. Tao amin'ny fandaharana manokana haino aman-jery tsy miankina kosa ny solombavambahoakan'i Toamasina I. Tsapa avy tamin'ireo fandaharana ireo, fa miaro ny tsy azo arovana ny mpomba izao fitondrana izao, satria na inona na inona fanadiovan-tena nataon'ny mpandraharaha mpanefoefo, mpanolotsaina manokan'ny filohan'ny Repoblika, dia noporofoin'ny depioten'ny Toamasina I, fa tena misy fifamatorana saro-bahana tokoa eo amin'itsy voalohany sy ny filohan'ny Repoblika Rajoelina. Manao ampihimamba eo amin'ny fandraharahana eo amin'ny sehatra fanondranana sy fanangonam-bokatra ihany koa ity mpandraharaha ity. Tsy henatra tsy tahotra ihany koa tamin'ny faran'ny herinandro teo, fa efa nivory ny depiote IRD sy ny minisitra vitsivitsy, tany Fianarantsoa, namolavola tetika sahady hampandaniana an-dRajoelina Andry amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny taona 2023. Azo inoana fa volam-bahoaka no nolaniana sy nampiasaina tamin'izany fivoriana izany. Tena ny IRD marina no eo amin'ny fitondrana, ka manao izay tiany atao kanefa tokony ho tadidy, fa arakaraky ny hanaovana hadalàna tahaka ireo tranga rehetra ireo no hampifoha ny Malagasy, ka amin'ny fotoana tsy ampoizina dia hampiseho ny maha izy azy marina izy.

***Andry Tsiavalona***

**Mijaly ny vahoaka hoy ny TIM Sainte Marie**

## Miantso an-dRavalo hirotsaka hofidiana Filoha indray izy ireo

Mijaly ny vahoaka amin' izao fotoana, faraidiny eto ambonin'ny tany ny firenena, noho izay antony izay hoy ny antoko Tiako i Madagasikara, na ny TIM any Sainte-Marie faritra Analanjirofo, miantso ny filoha Marc Ravalomanana indray izy ireo, hirotsaka hofidiana ho Filohampirenena, amin'ny fifidianana ho avy: na ho amin'ny taona 2023, na ho alohan'izany. Nifamotoana ireo tompon'andraikitry ny antoko TIM tao Sainte-Marie ny sabotsy maraina teo. Vonona izy ireo hitaona ny namana TIM rehetra ao Sainte-Marie hiaraka, ka hanao izay hampatanjaka ny TIM, sy hametrahana ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray. Anisan'ny nitarika ny fotoana tamin'izany ny depiote teo aloha voafidy tany amin' ny distrikan'i Soanierana Ivongo, Manajara Fidison, na depiote Rasomotra.



*Ireo tompon'andraikitry ny antoko TIM any Sainte-Marie, faritra Analanjirofo.*

***Isambilo***

Mitohy ny antsojain'ny fitondrana

## Voaantso eny amin'ny cybercriminalité anio i Lily sy Clemence

Mitohy ihany ny antsojay ataon'ny fitondrana amin'ny mpanohitra amin'izao fotoana, araka ny vaovao voaray, voaantso eny amin'ny sampan-draharaha momba ny cybercriminalité, na heloka amin'ny tambazotran-tserasera anio amin'ny 8h30 ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo (CUA) Lily Rafaralahy avy amin'ny antoko TIM, sy Clemence Raharinirina avy amin'ny IRD. Araka ny voasoratra ao anatin'ilay taratasy fiantsoana dia resaka fanalam-baraka tamin'ny fahitalavitra sy resaka facebook no nitoriana azy ireo. Iaraha-mahalala fa manao fandaharana Sahia Lasa Zao amin'ny TV- MBS izy miarahavavy ireto, ka mety tsy zakan'ny mpitondra, indrindra ny ao amin'ny CUA ny famakafakana sy ny vaovao navoakan'izy ireo nandritra ny fandaharana, ka nahatonga izao fitoriana izao. Na izany na tsy izany, fanapenam-bava ny mpanohitra mivantana izao fiantsoana azy ireo eny amin'ny sampan-draharahan'ny cybercriminalité izao.

***Stefa***



*Ny mpanolotsaina Lily Rafaralahy sy Clemence Raharinirina.*

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

### Filoha Ravalomanana, namafa trosa fa tsy nampidi-trosa



**Rasamimanana Marcel :** nisy ny famafana ny trosan'i Madagascar tamin'ny 2004 : Ravalomanana Marc ihany no hany Filohampirenena nahavita namafa trosa teto amin'ny firenena, raha toa ka tsy mitsahatra maka sy mindrana ny fitondrana Rajoelina. Raha tsiahivina dia nofafan'ny FMI (Fond Monetaire International) ny lisitra manontolo an'ireo firenena be trosa be indrindra, tafiditra tao i Madagascar ny taona 2004. Nanambara ny FMI ny alakamisy 8 decembre 2005, fa nankatoavina ny fanafoanana ny trosa mitentina 4,8 miliara dolara Amerikana nifanarahana taminy.

**Zo Lalaina :** hay ve nisy an 'izany e! Sambany vao naheno an 'ity vaovao ity aho.

**MonAmi Amigo : Zo Lalaina :** aiza kou no we tsy ary naheno.

**Zo Lalaina : MonAmi Amigo :** marina anie izany e, mbola kely tamin'izany dia tsy mahafantatra n 'inona n 'inona.

**MonAmi Amigo : Zo Lalaina :** ah ok. Naresaka be zany !

**MonAmi Amigo:** maro be ny publication hafa any amin'ny internet any.

**Zo Lalaina : MonAmi Amigo :** misaotra betsaka anao.

**Andry Razafindrakoto :** fa ny taona 2008, niala teo @ fitondrana izy nibaby trosa . Ka sao adino zany .

**Zo Lalaina : Andry Razafindrakoto :** ny an 'ilay iraika aza vao nanomboka nitondra dia efa nisesisesy ny fitrosana ko. Tsy araky ny vava navoakany. Tsy afaka handroso mihintsy moa isika raha mbola ahoana hoy izy : raha mbola hitrosa amin'ireo bailleurs mahazatra ireo.

**Annah Tahiry :** vao nitondra ny firenena ny Prsident Ravalomanana de ny namafa ny trosan'ny firenena no noezahany.

**Malagasy Noverezina ZO:** Filoha Marc Ravalomanana, Izy ihany no anay.

### TONONKALO

## "Ho avy indray ny volabe"

"Ho avy indray ny volabe" raha vao mivoaka ny filoha.
Ny fahantrana anefa, indrisy, toa tsy manam-pitsaharana !
Ireo "valalabematory" rahoviana no hifoha
Ka mba tsy gisitra intsony fa hisondrotra laharana ?

"Ho avy indray ny volabe", izay no re ombieny ombieny.
Tsara izay nefa kosa ny taloha angaha efa lany ?
Hatreto aloha dia tsisy tonga tany am-paosinay ireny,
Fa ny tenda no miha-maina , toy izay koa ny vilany !

"Ho avy indray ny volabe", dia lasa isika no ho mpitarika
An`ireo "marefo indrindra" sy "mahantra eran-tany ?
N`iza hitonona ho mahay sy tena havanana amin`ny marika:
Raha ny "aotra" no atsongoloka , tsy miova fa ho "aotra" ihany!

"Ho avy indray ny volabe" no atao mozika mankarenina
Efa ezahina haely mialoha ny fifidianana ?
Be ny zava-maizimaizina , be ny marina nafenina.
Mila ny mangarahara ireo vahoaka leom-boananana.

"Ho avy indray ny volabe" , dia asa indray izay hiafarana,
Ny amin`ireo nahodinkodina sy ireo izay nangalarina.
"Ny roa taona sisanao" , amboary ho amin`ny fanovana,
F`aza entina hilibana ry mpitantana tsy marina !

*TSIMIMALO (24-04-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

Ny kôngresim-paritry ny rodoben'ny mpanohitra RMDM tany Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony ny sabotsy maraina teo.









Ny fameloma-maso ny antoko TIM tany Fianarantsoa ny sabotsy tolakandro teo.









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, LW

Ny hetsika fameloma-maso ny antoko TIM tany Fianarantsoa.









Ny hetsika fanomanana ny fameloma-maso ny antoko TIM, tany amin'ny Nosy Sainte-Marie, faritra Analanjirofo.





Ny fivoriana fanomanana, ny hetsika fameloma-maso ny antoko TIM tany Antsiranana, faritra Diana.





FITONDRANA RAJOELINA

# Ny salobokomana sy ny kolikoly no tambaviny

Iavahan'ny fitondrana ankehitriny tamin'ireo fitondrana efa nisy teto hatramin'izay ny fanaovana salobokomana, tsy manaja ny fangaharana, ny dikan'izany dia fanaovana kolikoly mihoampampana.

Ny fomba fanao iraisampirenena, rehefa mivoaka any ivelany ny filohampirenena dia tsy maintsy manao valandresaka ho an'ny mpanao gazety, manambara amin'ny vahoaka amin'ny alalan'ny mpampahalala vaovao ny antondia any ivelany, dia toy izany koa rehefa tonga antanindrazana, tokony tsy maintsy manao tatitra amin'ny vahoaka ny fototry ny dia tany ivelany, satria amin'ny anaran'ny vahoaka no nandehanana any ivelany, sady volambahoaka no miantoka ny sarandalana sy izay lany any amin'izany fitsidihana any izany, ary ny anaran'ny vahoaka no nentina nangataka fanampiana. Izany no antony mampisy ny ''salon d'honneur'' eny amin'ny seranampiaramanidina, ny antsika malagasy dia malaza tsy ihinanana toy ny viliantsahona ny ''salon d'honneur'', satria Ingahy Filoha dia miala ilany sy mitsoaka mpanao gazety rehefa hiala eny Ivato na tonga ihany koa, ka na misy aza ny fihaonana amin'ny mpampahalala vaovao, dia mpanao gazety efa voaomana ihany no tafiditra .

Ny nahatsikaiky aza tamin'ny taondasa dia narirarira tamin'ny fanenjehana ny Filohan'ny Fmf Rabekoto Raoul ny resak'Ingahy Filoha teny Ivato dia tsy voaresaka ny diany tany ivelany.

Mikasika ny dian'Ingahy Filoha tany Etazonia farany teo, dia mazava ny toromarika avy amin'ny mpamatsy vola iraisampirenena, fa tena ilaina ary tsy maintsy atao ny vakisiny iadiana amin'ny aretina coronavirus, dia mazava izany f'Ingahy Filoha dia efa nahavita vakisiny, matoa afaka nivoaka tany ivelany sy noraisin'ireo tompon'andraikitra avy amin'ny sehatra iraisampirenena, kanefa hatramin'izao dia tsy mbola niloabava tamin'ny vahoaka malagasy ity filohantsika nanambara fa izy dia efa vita vakisiny soa amantsara, porofon'ny tsy fanajana ny mangarahara izany sady endrikin'ny kolikoly ihany koa.

Mbola mikasika ny dian' Ingahy filoha tany ivelany ihany dia tsy hazavaina amin'ny vahoaka malagasy ny tena marina satria ny vola azo tany Etazonia anie ka tsy hamatsiana ny Pem fa natao ho an'ny tetikasa hafa. Mbola endriky ny salobokomana sy ny kolikoly koa izany.

Fa ny tena goavana dia ny fihaonan'Ingahy Filoha tamin-dRamatoa Alice Patterson Albright Tale Jeneralin'ny (MCC) na ''Millenium Challenge Corporation'' ny Alakamisy 21 Avrily 2022 teo tany Washington'', ka nilazan'ity tompon'andraikitra misahana ny fanampiana avy amin'ny fitondrana Amerikana ho an' ireo firenena andalampandrosoana hiala amin'ny fahantrana, tsotra sady mahitsy ny nambarandRamatoa Alice Petterson Albright tamin'Ingahy Rajoelina, miezaha mafy aloha miady amin'ny kolikoly raha te hisitraka ny fanampiana avy amin'ny ''MCC'', maharaka ny zavamisy eto Madagasikara ity Ramatoa ity matoa nahavoaka izany teny izany. Efa hatramin'ny fitondrana tetezamita no efa tsy azo antoka Ingahy Rajoelina, ny sonia vita tamin'ny ''Fifanarahana'' tany Maputo sy Addis Abeba ary Pretoria aza nivadihany, mainka fa amin' izao herintaona mahery kely mialoha ny ahatapenan'ny fotoampiasany izao, tsy misy mangarahara azo antenaina na kolikoly inoana ho foana izany, fa dia hanao tsipaky ny miala aina io fitondrana io, handrovitsihy faratampony, aleo hanao fa mety amintsika izany.

**Ny Valosoa**

Championnat de Madagascar de natation 2022 »

# Nanamontsana « record » i Tendry sy Baritiana ary i Lalanomena

Nifarana tamin'ny Zoma 22 aprily 2022 lasa teo, tao amin'ny «piscine olympique 50 m du CRJS de Tamatave» ny fifaninana Iomano Championnat de Madagascar de natation 2022».

Mpilomano 3 mianadahy, no nanamontsana «Record national» tamin'izany dia tao Rakotobe Tendry Toavina nanamontsana ny «record» vitan-dRandrianandraina Clark tamin'ny 10 aogositra 2003 (18 :29 :05) teo amin'ny fifaninanana «1500 m Nage Libre (NL)», raha nahavita ny 18 :15 : 91 tamin'ny 21 aprily 2022, tao koa Andriampenomanana Baritiana Mathieu, nanamontsana ny «Record» n'i Lalanomena Anthony tamin'ny 28 aprily 2013 (9 :57 :70), ho lasa 9 :49 :66 teo amin'ny «800 m NL» tamin'io alakamisy io ihany. Farany, Raharvel Jonathan Harivony nanamontsana ny «record» vitany ihany tamin'ny 11 ôktôbra 2021 (29 :63) teo amin'ny «50m brasse» ho lasa 29 :25.

Mbola nisy ihany koa zava-bita tsara indrindra nohatsarain'ireo mpifaninana:

-Teo amin'ny sokajy «benjamines», Andrianaho Marie Ange dia nanatsara zava- bita teo amin'ny «200 m NL» ho lasa 02 :25 :75 raha 02 :26 :09 no vitan'i Tiana Hantsa Murielle teo aloha (30 ôktôbra 2011).

-Teo amin'io sokajy io ihany, Rakotobe Tendry Toavina, dia nanatsara ny «50m dos» ho 00 :31 :15 raha 00 :32 :77 no an'i Lalanomena tamin'ny 4 desambra 2012 ary ny «50m papillons (00 :28 :77) sy ny «100m NL» (01 :01 :77) vitan'i Lalanomena Anthony 01 :03 :32 teo aloha.

-Teo amin'ny sokajy «minimes», Baritiana Mathieu dia nanatsara ny zava-bitany tamin'ny 2 aprily 2022 ho 02 :10 :25 ny teo amin'ny «200m NL» raha.

-Teo amin'ny sokajy «cadettes», Ramiandrisoa Harivelo Angie dia nanatsara ny «50m brasse» ho 00 :37 :03 raha 00 :03 :07 no vitany teo aloha.

-Teo amin'ny «relais» dia norombahin'ny mpilomanon'ny St-Michel avokoa ny teo amin'ny «mixte 4x50 NL». Norombahin'i Daniel, Idealy, Francky sy Michelle tamin'ny 02 :02 :50 izany.

-Teo amin'ny «relais 4x200m dames» kosa dia mbola lasan'ity klioba ity hatrany tamin'ny alalan'i Miangoty, Anaïs, Marie Ange sy Angie tamin'ny 10 :30 :36 ny fandresena.

Tahaka izany koa teo amin'ny sokajy lehilahy satria dia resin'i John, Daniel ary Francky sy John tamin'ny 08 :52 :67ny mpilomanon'ny Managing.

Tsiahivina fa mpilomano nahatratra 303 avy amin'ny klioba 20 manerana ny nosy sy Ligim-paritry ny Iomano niisa 7 no nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity.

**Rainilita**

Tournoi de Vacances de Pâques 2022

# Nitondra amboara nody ny Avenir Betsiboka sy ny 3F Miray Boeny

Nifarana tamin'ny sabotsy 23 aprily 2022 teo, teny amin'ny kianja Fifankatiavana, Kaominina Ankadikely Ilafy, ny fifaninanana baolina kitra "Tounoi de Vacances de Pâques 2022», nokarakarain'ny 3Fa Avaradrano. Tontosa tamin'io andro io avokoa ireo lalao famaranana 7 tamin'ity fifaninanana ity, ka nibatana ny amboara ny ekipa avy any amin'ny Faritr'i Betsiboka sy Boeny amboara iray avy nody (ny Avenir Betsiboka tompondakan'ny sokajy U 17 ary ny 3F Miray Boeny tompondaka lefitry ny sokajy U 20).

Voka-dalao famaranana :

- Sokajy 8 taona : Afc 3 – 2 Ersa,
-Sokajy U 10 : Afc - H+2 (Tirs au but 3-2),
-Sokajy U 13 : H+ - Jsa (Tirs au but 3-2),
-Sokajy U 15 : Soldat - Bcade (Tirs au but 5-4),
-Sokajy U 17 : Afc 0 - 2 Avenir Betsiboka,
-Sokajy U 20 : Lfc 1 – 0 3F Miray Boeny,
-Sokajy U 23 : H+ (4) 1 – 1 (3).

Nisy koa ny voka-dalaom-pirahiana natao teo anelanelan'ireo lalao famaranana ireo :

- Sokajy Vétéran : 3Fa 1 – 0 Commune Ankadikely,
-Sokajy vehivavy : 3Fa 1 – 0 Ufa Sab/Nam.

Nambaran'ny « Directrice » ny Ceg Ankadikely nanatrika an'ity famaranana ity, fa "vonona ny hampiantrano an'ireo mpifaninana ho avy ny Ceg Ankadikely amin'ny Tournoi de Vacances eny Ankadikely manaraka.

« Mbola misokatra ho an'ny fifaninanana karakarain'ny 3Fa kosa, ny kianja Fifankatiavana Ankadikely amin'ireo hetsika ara-panatanjahantena hataony », hoy ny solontenan'ny Kaominina Ankadikely Ilafy, nandritra izany famaranana ny hetsika izany hatrany.

«Any amin'ny «Tournoi de Grande Vacance», na "Tournoi Dandji" any Mahajanga indray mifankahita, ireo mpifaninana nandray anjara tamin'ity «Tournoi Vacances de Pâques 2022» ity, hoy ny filohan'ny 3Fa Avaradrano, Rakotonirina Harison Philibert mpikarakara ny hetsika.

**Rainilita**

## NY TENY FIAINANA




*"Misy làlana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo làlana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany".*

***Ohabolana 14:12***

Varotra sy fanjifana


# Misy promotion cadeau amin'ny Tranombarotra Baolai

Ho fanatsarana ny sehatra asa misy azy, dia maro ny orinasa tsy miankina eto amintsika no manavao ny tolotra omeny ny daholobe. Anisan' izany ny Tranombarotra «Baolai» etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar-be Toamasina, izay vao nahatonga entana vaovao loha-laharana amin' ny kalitao, toy ny Smart tv sy télé led ary Laser tv (misy antoka 1 taona). «Ho an' ireo izay manjifa Smart tv «Hisense» 32" sy 43", hisy ampli-baffle rechargeable ho azony ary ho an' ny 50" kosa dia hahazo smartphone», hoy ny tompon' andraikitra.

Ankoatran'izay dia ao ihany koa no ahitana entana maro izay mifanaraka amin' ny filana sy fahefa-mividin'ny besinimaro hatrany. Ao ny : climatiseur, kits solaires complets marika sunpower : régulateur-batteries sy panneaux solaires, synthétiseur, machine à laver, réfrigérateur, table de mixage, cuisinière à gaz sy électrique, « Ho fanomezana fahafahampo ny daholobe, ho an ireo izay mividy Smart tv «Jeyoo» (misy antoka 1 taona) iray : 42" - 75" sy 85" dia hisy ampli-baffle rechargeable omenay maimaimpoana», hoy hatrany ny tompon' andraikitra. Ny antsipirian'izany rehetra izany, dia ho hita ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin'ny laharana an-tarobia 020 22 308 48 020 sy 020 22 605 88» (amin'ny ora fiasana).

Ny tolotra toy izao dia manampy betsaka ny tokantrano malagasy satria ny Tranombarotra «Baolai» dia ahitana entana vaovao, tsara kalitao sady mibika amin'ny vidiny mirary.

**Aly**




*Entana amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Basket N1 A "Conférence Ouest"

# Andro faharoan'ny tena fifaninanana anio

Andro faharoa amin'ny tena fifaninanana anio talata 26 aprily 2022, eo amin'ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 sokajy N1 A vondrona "Conférence Ouest".

Fandaharan-dalao :

16:00-Tgbc # Mb2All, 18:00-Sebam # Gnbc, 20:00-Cosmos # 2Bc.

Ekipa 6 no mandray anjara amin'ity fifaninanana ity : ekipan'ny Cosmos Diana, Sebam Boeny, Gnbc Analamanga, Tgbc Betsiboka, Mb2All Analamanga ary ny 2Bc Analanjirofo, ka hahiritra hatramin'ny zoma 29 aprily 2022 ho avy izao ny fifanintsanana. Amin'ny sabotsy 30 aprily 2022 kosa, no hanatanterahana an'ireo lalao ankatoky ny famaranana roa ary amin'ny alahady 01 mey 2022, no hanaovana ny lalao famaranana.

Tamin'ny alahady 24 aprily 2022 teo, no nanaovana ny «Réunion Technique (Maison des Jeunnes Antsiranana)» an'ity fifaninanana ity, taorian'ny fanaovana «Recyclage pour les Arbitres tao amin'ny (Gymanase Couvert de Diego ).

**Rainilita**



*Dinika teknika tany Antsiranana.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 23/04/2022 hatramin'ny 30/04/2022**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (PrËs CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycÈe Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1Ëre ‡ droite aprËs Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:

Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1290-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ZAZAH RAMANDIMBIARISON**

# Tsy hahazo ny anjara masoandrony ny Malagasy raha mora manadino foana

Mitondra fanehoankevitra momba ny raharaham-pirenena indray, ny Praiminisitra lefitra teo aloha Zazah Ramandimbiarison, izay efa nisahana ny toekarena, voaresany indrindra ny mahakasika ny lafiny toekarena sy sôsialy ankehitriny. Milaza izy fa : "mahatsiaro fangirifirina ny Malagasy maro an'isa sady tsy milamintsaina intsony amin' izao fotoana izao. Rehefa nandeha ny fifidianana dia mpivarotantely mividy sakay ny Malagasy maro an'isa; mivarotra ny mamy ho an'ireo izay nanao politika tsy maty manota, nefa mividy ny mangidy ho an' ny tenany. Manome toky ry zareo nefa tsy manatanteraka feno izay hanamora sy hahatsara ny fiainan'ny Malagasy.



*Ny Praiminista lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison.*

Mazana ny fitiavan-tena sy ny tombontsoany no tadiavin'izy ireo amin'ny fanaovana politika. Any ka miha-ratsy ny rivo-piarahamonina. Mbola mitohy miharatsy foana aza noho ny tsy fitovian-kevitra, ny fitantanana tsy maty paika , ny fanararaotana ny fahantrana mihàtra amin'ny ankamaroan'ny Malagasy. Tsara ny mahazo vary tsinjo sy tosika fameno amin'izao fahasahiranana izao, fa tsara mihoatra lavitra, raha asa no azo na hezahana ho azo, asa entina mahavelona mandavan-taona.

Tena toy ny tonompary ny fiainana, irina ho mamy fa mafy tsy laitra. Ho potika e! Ho simba tanteraka e! Rava raha tsy mitandrina e! Mangirifiry e ! Mahantra e! Dia mbola tsy tanety may, tsy vohitra forehitra, dia mila tonga saina amin'izay isika, mahay maka lesona tamin'ny zavatra niseho tany aloha, hivondrona toy ny ankohonana iray ahitana tombontsoa iombonana, hanova ho amin' ny tsara sy manara-penitra marina, mba hiadanan'ny ambanilanitra.

Ny fametrahana amin'ny azo antoka sy marim-pototra ary mankato ny fahamarinana ihany sy ny finoana arahan'asa, no hiteraka sy hanome ny anjara masoandrony ho an'ny tsirairay! Aleo misoroka toy izay mitsabo!" hoy ny fanambarana izay nataony.

**Stefa**

Ifanadiana- Ambohimanga du Sud

# Ratsy ny lalana, nisy voatery nentina tamin'ny moto ny razana

Ratsy ny lalana any amin'ny distrikan'Ifanadiana, faritra Vatovavy, mampitohy ny renivohitry ny distrika Ifanadiana sy ny kaominina Ambohimanga du Sud. Noho izay faharatsian'ny lalana izay, nisy voatery nentina moto ny razana nihazo izany lalana izany, niala avy any Ifanadiana. Ratsy tanteraka io lalana io, izay mirefy 65km. Trakitera ihany no fiara mandeha any, saingy mandeha 2 andro vao tonga. Mangataka amin'ny tompon'andraikitra ny vahoaka mba hijerena vahaolana momba izao faharatsian-dalana izao. Noho izay antony izay, mananosarotra koa ny famoaham-bokatra, faritra mamokatra anefa Ambohimanga du Sud, vokatra any ny vary, ny vokatra fanondrana toy ny: kafe, ny jirofo, ny lavanila, ny dipoavatra. Mamokatra voankazo isankarazany koa ny any amin'izany faritra izany.

**Niaina**



*Razana nentina moto, nampitohy an'Ifanadiana sy Ambohimanga du Sud.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 392**

Mandeha ambony
Vizana
Tampisaka
Nanao fanindroany
Tovana
Vahoaka
Aiza ?
Faran-teny
Sezanay (miv)
Hanapaka
Maharitra
Nanavotra
Mandoro (BR)
Niasa
Alainy, asitriny (miv)
Ivy
Esotra
Lal‡na (miv)

**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0391)

***Mitsivalana***
- Silamo
- Ako – Ma (miv)
- Naharesy
- Diana – Do (miv)
- Inty – Osy
- Kar(y) – (T)ik(o)
- Angano
- Angano

***Mitsangana***
- Sendika
- Aina
- Lahatra
- Akany
- Mora – DG
- Nisosa (miv)
- Amidiko

## TENY MIFANAPAKA N° 392

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | ■ | | | |
| 2 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | ■ | | | |
| 4 | | | | ■ | | | | | | ■ |
| 5 | | | | ■ | | ■ | | | | |
| 6 | | | | | | ■ | | | ■ | |
| 7 | ■ | | | ■ | | | | | | |
| 8 | | | ■ | | | | | | | ■ |
| 9 | | ■ | | | | ■ | | | | |
| 10 | | | | | | | ■ | | | ■ |

**Mitsivalana**

**1.** Hanina mahavoky – Asa **2.** Solontena – Grama **3.** Lavaka tsy takatra – Toerana lavitra **4.** Tovana – Atsipy **5.** May tanteraka (BR) – Averina mitovy **6.** Fonenana – Tsofoka **7.** Mpanondro toerana – Nandeha **8.** Aotra – Zava-maneno **9.** Anelanelan'ny taona – Matoanteny (miv) **10.** Tsy marina (miv) – Atody

**Mitsangana**

**A.** Fandrehitra – Lera **B.** Milaza fotoana **D.** Fialam-boly – Vizana (BR) **E.** Mampiray, manambatra – Atody vokatra **F.** Fahazoana diplaoma **G.** Firinga (miv) – Ariary **H.** Tolonao **I.** Ovay toerana **J.** Mailaka (miv) – Atsahatra **K.** Mahantra – Ambony

## Valiny Teny mifanaraka 0391

**Mitsivalana**

**1.** Foza - Anosy (miv) **2.** Akanga **3.** Rononono - Haz(o) **4.** Eva - Ina - Ny **5.** Nihena - Man **6.** Ala - Aina **7.** Rambo **8.** Tily (miv) - Antsa (miv) **9.** Masiso (miv) **10.** Mpitsikilo

**Mitsangana**

**A** Fireneny **B.** Ovy - Lap(a) **D.** Zanahary **E.** Ako - Tale (miv) **F.** Manina (miv) - Os(y) **G.** Inona ? - Basy **H.** SG - Kisoa (miv) **I.** Hao (miv) - Mi - Tsy **J.** Lanonana (miv) **K.** Aizina - (M)amo

RUN MADA TOMPONDAKAN'I MADAGASIKARA 2022

# Norombahan'i Jaytaxx ny « Première Manche »



*Ny BMW nentin'i Jaytaxx.*

Norombahan-dRasolojaona Jaytaxx (n°7) avy amin'ny "Club Run Mada", nitondra ny fiara BMW M turbo ny fandresena, tamin'ny fifaninanana "Première Manche du Championnat de Madagascar des Runs 2022. Resiny teny amin' ny Batac Arivonimamo tamin'ny alahady 24 aprily 2022 lasa teo i Azuno tompondaka farany tamin'ity fifaninana ity, sy ireo mpifaninana 25 hafa niaraka taminy.
Nahavita "Record national" vaovao 10,41 sec teo amin'ny fifaninanana 400m natrehany i Jaytaxx tamin'izany, raha 10,54 ny "record" teo aloha vitan-dRafanomezantsoa Jean de Dieu "Vazaha", sy ny fiara Subaru Impreza nentiny.
Ireo vokatra teo amin'ny fifaninanana hafa natao tany Arivonimamo :
PRORUN : 1°-Randriamifidimanana Laza nitondra fiara VW Coccinelle,
SUPER RUN : 1°-Tiboule Laljy nitondra ny fiara Seat Arosa,
RUN : 1°-Ravola nitondra ny fiara Citroën AX.

**Rainilita**

CAN Côte d'Ivoire 2023

# Fantaro ireo andro hiatrehan'ny Barea fifanintsanana

Fantatra avokoa ankehitriny ireo andro hanatrehan'ny Barea an'i Madagasikara, ny dingana fifanintsanana ao amin'ny vondrona E misy azy, amin'ny fifaninanana baolina kitra Can Côte d'Ivoire 2023.
-Andro 1 - jona 2022 : Ghana # Madagasikara,
-Andro faha 2 - jona 2022 : Madagasikara # Angola,
-Andro faha 3 - septambra 2022 : Madagasikara–Centrafrique,
-Andro faha 4 - septambra 2022 : Centrafrique # Madagasikara,
-Andro faha 5 - martsa 2023 : Madagasikara–Ghana,
-Andro faha 6 - martsa 2023 : Angola - Madagasikara.
Marihana fa hatreto aloha dia mbola manjavozavo tanteraka ny mahakasika ny firafitr'ity ekipa Malagasy ity, sy izay tena hitantana marina azy na dia efa voatendrin'ny FIFA aza ny olona hitantana vonjimaika ny FMF sy handamina an'izany.

**Rainilita**


*Barea an'i Madagasikara tetsy Mahamasina.*

1/4-dalana Orange Pro League 2021/2022

# Nihintsana avokoa ireo ekipa vonin-dôranjy roa

Nihintsana avokoa ireo ekipa mpitondra fanamiana vonin-dôranjy roa sady "Favoris", tamin'ny fifintanana "Orange Pro League 2021/2022" manontolo dia ny Fosa Juniors Fc Boeny sy Elgeco Plus Fc Analamanga. Sisa tavela hiatrika ny lalao 1/2-dalana amin'ity fifaninanana ity, ka mitondra an'io fanamiana lôranjy io ny Cffa Analamanga miaraka amin'ny Ajesaia Bongolava.
Voka-dalao teo amin'ny 1/4-dalan'ity fifaninanana ity notontosaina tamin'ny sabotsy 23 sy alahady 24 aprily 2022 lasa teo :
Cffa Analamanga – Cosfa Analamanga (1-0),
Disciples Fc Vakinakatra – As Fanalamanga Alaotra Mangoro (1-0),
A.Dato Fc Atsimo Atsinanana – Fosa Juniors Fc Boeny ((6) 0-0 (7)),
Ny ekipan'ny A.Dato Fc Atsimo Atsinanana sy ny Cffa Analamanga andaniny ary ny Ajesaia Bongolava sy ny Disciples Fc Vakinankaratra ankilany, no hifandona amin'ny lalao manasa-dalana amin' ity «Orange Pro League 2021/2022 ».

**Rainilita**




*Ny Ajesaia sy A.Dato Fc nanintsana ny "Favoris".*

## Sakafo Ny Valosoa



Loha-kisoa sy tsaramaso indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanalana rivotra ao amin'ny kibo, sy vavony ary tsinay



Fomba fanalana rivotra ao amin'ny kibo, sy vavony ary tsinay indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Za vatra ilaina :
1 vera rano avy nampangotrahana, fa efa mangatsiaka.
1/2 sotro kely : bicarbonate.
2 sotro lehibe jus de citron na ranom-boasarimakirana.
Afangaro ireo dia sotroina amin'ny fotoana rehetra izay mampisy rivotra anao.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Veromanga any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'i Veromanga any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Veromanga ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy satria 61 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. 90 km miala an'i Maintirano no misy azy ary 30 km andrefan'i Veromanga kosa, no misy an'i Tambohorano. Maintany ihany no tongan'ny fiara any Veromanga, satria tsy mbola misy tetezana amin'ny reniranon'i Manambaho, izay miazo ny any an-toerana, ka tsy azo andehanana amin'ny fotoanan'ny asara, na fahavaratra. Noho izay antony izay, sambo avy any Tambohorano no andehanana, raha ho any Veromanga amin'ny fotoanan'ny asara. Vokatra any ny vary, sy ny haninkotrana katsaka. Mpiompy omby koa ny mponina any Veromanga, saingy mihena izany amin'izao fotoana, noho ny tsy fandriampahalemana amin'ny resaka halatr'omby.

